**Pax Romana** MIEC/MIEK
***Mouvement International des Etudiants Catholiques***
***Mpianatra Iiraisam-pirenena Entanin'i kristy***
*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
***E-mail: miec_mad@yahoo.fr***

# SATA MIFEHY NY MIEK
# (STATUTS DU MIEC-Madagascar)

## Lohateny voalohany: FEPETRA ANKAPOBENY

***Andininy voalohany:***
Ao anatin'ny Fiangonana Katolika no iorenan'ny **Mouvement International des Etudiants Catholiques - Pax Romana Madagascar** na ny ***Mpianatra Iraisam-pirenena Entanin'i Kristy***,izay afohezina amin'ny teny hoe ***MIEC-Madagascar*** na ***MIEK.***
Ao amin'ny CNPC, varavarana faha 33, Antanimena Antananarivo no misy ny foibeny.
Ny MIEK dia firohotan'ny mpianatra oniversitera katolika izay:

1. Mamaka sy miorina ao amin'I Kristy
2. Mampiely ny vaovao mahafaly eny amin'ny sehatry ny oniversitera, ary hiara-miasa amin'ny mpiandraikitra ara-panahy (aomonie), hijoro ho vavolombelon'ny finoana an'i Kristy eo anivon'ny oniversitera namany sy hanampy azy ireo, amin'ny alalan'ny litorjia, « conférences », fifanakalozan-kevitra, fiofanana, baiboly, sns…, handalina ny finoana.
3. Mandray anjara amin'ny fampijoroana ny fahamarinana sy ny fanajana maha-olona ary nyfitsinjovana ny mahantra sy ny madinika araka ny fampianaran'i Kristy.
4. Mampivondrona ny oniversitera katolika , handrindra ny fahaizany amam-pahalalany ho enti-manompo ny Eglizy sy ny Firenena.
5. Mamolavola ny oniversitera katolika ho tonga olona azo itokisana eo amin'ny andraikitra
sahaniny izao, sy any aoriana any.
6. Mifanampy hahatonga azy ireo matotra ara-panahy sy ara-tsaina ary arapitondrantena.
7. Mandray ny andraikitra eo amin'ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana katolika hafa sy eo amin'ny sehatra ekiomenika, ary amin'ny fiaimpianinan'ny mpianatra amin'ny ambaratonga ambony.
8. Mamolavola toe-tsaina tsy voafatopatotry ny fizarazarana ara-pirazanana na arapiavianana ara-toekarena na ara-politika.

***Andininy 2: "Marobe tokoa ireo asa"*** no hira fanevany.
***Saritan'izao tontolo izao, miloko mavo, sarin'i Madagasikara miloko maintso, Lakroa miloko***
***mena, tanana mifandray miakatra miloko fotsy sy soratra hoe MIEC*** no sary faneva.

## Lohateny faharoa : NY FIRAFITRY NY MIEK

***Andininy 03 :*** Ny Kaongresy Nasionaly dia rafitra faratampony amin'ny fanapahan-kevitra ato amin'ny MIEK. Ny mpikambana ara-dalàna rehetra tsy an-kanavaka no mandrafitra ny Kaongresy Nasionaly.

*Mouvement International des Etudiants Catholiques*
*Mpianatra Iiraisam-pirenena Entanin'i kristy*
*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
*E-mail: miec_mad@yahoo.fr*

***Andininy 04***: Ny MIEK dia tantanan'ny Filankevitra Nasionaly, izay rafitra Mpanapa-kevitra manelanelana ny Kaongresy roa. Mpanolotsaina Nasionaly enina (iray isaky ny Oniversite) no mandrafitra azy, izay voafidin'ny MIEK eo amin'ny Oniversite misy azy ary atolotry ny mpizaika amin'ny Kaongresy Nasionaly, mandritra ny Kaongresy.Tarihin'ny Filoha iray izy, izay fidina mandritra ny Kaogresy Nasionaly.

***Andininy 05***: Ny Fandrindrana Nasionaly no mandrindra ny MIEK sy manatanteraka ny fanapahankevitry
ny Kaongresy Nasionaly sy ny Filankevitra Nasionaly, izay miara-miasa akaiky amin'ny Aomonie Nasionaly. Fidina avy amin'ny mpikambana monina sy mianatra eto Antananarivo ireo mandrafitra ny Fandrindrana Nasionalin'i MIEK, ka ireto avy izy ireo:
- Mpandrindra Nasionaly (Coordinateur National) : 01
- Mpandrindra Nasionaly Mpanampy (Coordinateur National Adjoint): 01
- Tompon'andraikitra ny Fitantanan-draharaha (Responsable administratif) : 01
- Tompon'andraikitra ny Fitantanam-bola (Responsable financier) : 01
- Tompon'andraikitra ny Fifandraisana (Responsable de Communication) : 01
- Tompon'andraikitra ny Tetik'asa (Responsable du Projet) : 01

***Andininy 06***: Ny Fandrindrana Rezionaly no mandrindra ny MIEK isaky ny Oniversite tsirairay.Manatanteraka ny fanapahan-kevitry ny Kaongresy Nasionaly sy ny Filankevitra Nasionaly any amin'ny oniversite ary miara-miasa akaiky amin'ny Aomonie Rezionaly. Ireto avy no mandrafitra ny Fandrindrana Rezionalin'i MIEK isaky ny Oniversite:
- Mpandrindra Rezionaly (Coordinateur Rezionaly) : 01
- Mpandrindra Rezionaly Mpanampy (Coordinateur Rezionaly Adjoint): 01
- Tompon'andraikitra ny Fitantanan-draharaha (Responsable administratif) : 01
- Tompon'andraikitra ny Fitantanam-bola (Responsable financier) : 01
- Tompon'andraikitra ny Fifandraisana (Responsable de Communication) : 01
- Tompon'andraikitra ny Tetik'asa (Responsable du Projet) : 01

## *Toko voalohany: NY KAONGRESY NASIONALY*

***Andininy 07:*** Ny Kaongresy Nasionaly dia mivory isaky ny roa taona araka ny fiantsoana ataon'ny Fandrindrana Nasionaly mba :

1. Hanao jery todika sy tomban'ezaka ary jeri-lanjan'ny fiainana sy ny asan'ny firohotana nandritra ny roa taona,
2. Hamolavola soridalana ho an'ny firohotana mandritra ny roa taona manaraka,
3. Hanofana ireo mpizaika amin'ny lohahevitry ny Kaongresy ho fanatrarana ny tanjona,
4. Hanaovana ny Asa firotsahana (Immersion),
5. Hametraka ny rafitra hitantana ny MIEK ho an'ny roa taona manaraka,

***Mouvement International des Etudiants Catholiques***
***Mpianatra Iraisam-pirenena Entanin'i kristy***
*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
***E-mail: miec_mad@yahoo.fr***

6. Hanaovana ny fanovana sy fanitsiana ny sata amam-pitsipika anaty ny firohotana.

***Toko faharoa: NY FILANKEVITRA NASIONALY***

***Andininy 08:*** Ny Filankevitra Nasionaly dia mivory isan-taona araka ny fiantsoana ataon'ny Fandrindrana Nasionaly mba:

1- Handany ny fandaharan'asan'ny MIEK araky ny soridalan'ny Kaongresy Nasionaly sy ny zava-misy iainan'ny firohotana any amin'ny Oniversite enina,
2- Handany ny teti-bolan'ny firohotana,
3- Handinika sy hanao jeri-lanja ny tatitry ny Fandrindrana Nasionaly sy ny Rezionaly, amin'ny lafiny ara-môraly sy ara-bola,
4- Hanapahan-kevitra amin'ny fanendrena ny mpikambana handray andraikitra raha misy ny tsy fahafahan'ny mpikambana topo-toerana lany nandritra ny Kaongresy Nasionaly, na noho antony manokana,
5- Hiantoka ny fifanakalozana misy eo amin'ny samy MIEK manerana ny Nosy sy ny fifamenoan'ny fahasamihafana misy eo amin'ny MIEK isaky ny Oniversite amin'ny alalan'ny fifampizarana traikefa.
6- Hanapaka ny toerana hanaovana ny Kongresy Nasionaly sy hametra ny isan'ny mpikambana hantsoina hanatrika.

***Andininy 09:*** Ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra Nasionaly dia manan-jo amin'ny fiofanana mandritra ny fotoam-pivoriana mba ahafahany mampita izany any amin'ny Oniversite niaviany.

***Andininy 10:*** Maharitra roa na telo andro ny fotoam-pivoriana. Tsy misy fivoriana azo atao raha tsy tonga ny roa am-pahatelon'ny (2/3) mpikambana

***Andininy 11:*** Ny fanampahan-kevitra ao amin'ny Filankevitra Nasionaly dia atao amin'ny marimaritra iraisana, raha tsy tomombana izany dia atao amin'ny alalan'ny fifidianana miafina , ary laniana amin'ny vato antsasamanilan'ny (50% mahery) mpifidy tonga, raha mitovy ny isam-bato dia mana-pakevitra farany ny Filohan'ny Filankevitra Nasionaly sy ny Mpandrindra Nasionaly.

***Andininy 12***: Ireto avy no manatrika ny fotoam-pivorian'ny Filan-kevitra Nasionaly :

- Ireo mpikambana enina ao amin'ny Filankevitra Nasionaly,
- Ny Ray am-Panahy nasionaly, tsy maintsy alaina ny heviny alohan'ny fanampahan-kevitrarehetra,
- Ny Mpandrindra Nasionaly,
- Ireo mpikambana ao amin'ny fandrindrana nasionaly dia manan-jo hanatrika ny Fivoriana,kanefa tsy terena raha misy ny antony manokana.

- Ireo olona izay heverina fa ilaina ny heviny mandritra ny Filankevitra Nasionaly (Solontenan'ny MIEK any amin'ny VPKT, CEPAL, Maintimolaly, Mpikambana tsotra, sns).

***Andininy 13***: Anjaran'ny Filohan'ny Filankevitra Nasionaly mitarika ny asan'ny Filankevitra Nasionaly no manaramaso ny fampandehanan-draharaha ny firohotana sy ny fanatanterahana ny fanampahan-kevitry ny Kaongresy Nasionaly sy Filan-kevitra Nasionaly.

### *Toko fahatelo: NY FANDRINDRANA NASIONALY*

***Andininy 14:*** Eo ambany fiahian'ny Filankevitra Nasionaly, ny Fandrindrana Nasionaly dia miasaantsitra-po sy maimaimpoana ho an'ny MIEK, miara-miasa akaiky amin'ny Ray am-Panahy nasionaly (Aomonie), ny Fandrindrana Rezionaly, ny Fandrindrana ny Vondrom-Paritra ny MIEC Afrika Afovoany sy Oseana Indiana, ny Fandrindrana ny MIEC Afrique, ny Ekipa Iraisam-pirenena ny MIEC, ary miara-miasa ihany koa amin'ny CEM, SECO, CEPAL, VPKT, ACUM sy ireo Fikambanana Nasionaly hafa.

***Andininy 15***: Ny Fandrindrana Nasionaly no mandrindra ny asa rehetra ny firohotana, ka ireto avy no asany:

1. Manatanteraka ny fanapahan-kevitry ny Kaongresy Nasionaly sy ny Filan-kevitra Nasionaly,
2. Manomana sy miadraikitra ny fampandehanana ny Kaongresy Nasionaly,
3. Mandrindra ny asan'ny ekipa isaky ny Oniversite,
4. Ny Fandrindrana Nasionaly dia tsy maintsy manaraka ny toromarika sy soridalana avy amin'ny Ekipa Iraisam-pirenena, araka ny soridalana takian'ny antanatohatry ny MIEC( eran-tany, afrikanina, nasionaly,…)
5. Manatontosa ny fifandraisana amin'ny VOVONANA sy ny CEPAL ary ny fikambanana hafa. Izy ihany koa no mandray ny taratasy rehetra avy amin'izy ireo.
6. Miandraikitra ny fampahalalam-baovao sy ny fifandraisana eo amin'ny MIEK isaky ny Oniversite.
7. Mitantana ny volan'ny firohotana, araky ny drafitrasa tapakin'ny Filankevitra Nasionaly
8. Manao ny tatitra rehetra ilaina isan-taona any amin'ny Foibe Iraisam-pirenena ny MIEC rehetra (CI, PANAF, Sous Région), Filankevitra Nasionaly, Fandrindrana Rezionaly, CEM,CEPAL, SECO.
9. Ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny Fandrindrana Nasionaly dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Firohotana. Soa iombonana no katsahina, ka noho izany dia tokony hanjaka mandrakariva ao anatin'ny birao ny fiaraha-miasa sy ny fifankatiavana. Ary tokony ho tsaroan'ireo mpikambana lalandava fa itokisan'ny firohotana izy, ka tokony tsy hivadika amin'izany fitokisana izany.

***Mouvement International des Etudiants Catholiques***
***Mpianatra Iiraisam-pirenena Entanin'i kristy***
*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
***E-mail: miec_mad@yahoo.fr***

***Andininy 16:*** Toy izao ny andraikitry ny Mpandrindra Nasionaly :

1. Mitarika sy mandrindra ny fivoaran'ny Fandrindrana Nasionaly,
2. Manao sonia ny taratasim-bola miaraka amin'ny Aomonie sy ny Tompon'andraikitra ny Fitantanam-bola,
3. Tompon'andraikitra amin'ny fanaovana sonia ny taratasim-pifandraisana izy miaraka amin'ny Tompon'andraikitra ny Fitantanan-draharaha,
4. Raha misy olana tsy voavahan'ny Fandrindrana Nasionaly miaraka intsony, dia miantso fivoriana tsy ara-potoana miaraka amin'ny Filan-kevitra Nasionaly ny Mpandrindra Nasionaly.
5. Ny Mpandrindra Nasionaly no solontenan'ny firohotana ao amin'ny antanan-tohatra ny Fiangonana sy ny fifandraisana amin'ny Fanjakana.

### *Toko faha-efatra: Ny Ray am-panahy*

***Andininy 17***: Ny Fivondronamben'ny eveka (CEM) no manendry ny Mpiandraikitra ara-panahy (Aomonie) ; anisan'nympikambana ao amin'ny Fandrindrana Nasionaly avy hatrany izy.Ny andraikiny dia ny manolo-tsaina sy manampy amin'ny lafiny ara-pinoana, ara-teolojia, ara-pastoraly,…Miara-miasa amin'ny Pretra Aomonie isaky ny Oniversite izy.Ny Aomonien'ny Aomoneria Katolika Oniversitera rezionaly no avy hatrany aomonin'ny MIEC rezionaly (eny amin'ny faritra).Andraikiny ihany koa ny mampatsiahy ny tompon'andraikitra mba hananan'ny sampana rehetra mpiandraikitra ara-panahy (zoky am-panahy).

***Andininy 18***: Ny firohotana amin'ny alalan'ny Fandrindrana Nasionaly no mangataka amin'ny Fivondronamben'ny eveka(CEM) izay olona ho zoky am-panahy mba hanampy ny Ray am-panahy amin'ny lafiny ara-pinoana,ara-teolojia,ara-pastoraly.Mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fandrindrana Nasionaly Izy.

***Andininy 19*** :Ny fifandraisan'ny mpikambana amin'ny Aomonie dia tsy fifandraisana noho ny fifampiankinana, noho ny maha ambony na ny maha ambany, fa fifandraisana noho ny fiarahamiasa (collaboration) sy ny fifanajana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany(respect reciproque).

### *Toko fahadimy: NY FANDRINDRANA REZIONALY*

***Andininy 20*: -** Ny Oniversite enina misy eto Madagasikara no mitondra ny reziona na faritra ho an'ny MIEK-Madagasikara.

***Mouvement International des Etudiants Catholiques***
***Mpianatra Iiraisam-pirenena Entanin'i kristy***
*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
***E-mail: miec_mad@yahoo.fr***

-Ny reziona iray dia mety hizarazara sampana maromaro, ka azo ekena ho sampana ny firohotan'ny mpianatra oniversitera katolika izay mikendry ny tanjon'ny MIEK-Madagasikara sy mahafeno fepetra rehetra takina amin'ny fananganana ny sampana.

***Andininy 21*****:** Ny Fandrindrana Rezionaly no mandefa ny tatitry ny zava-bitan'ny MIEK isaky ny Oniversite. Ary izy koa no manampy mivantana ny Fandindrana Nasionaly amin'ny fanatanterahana ny hevitra tapaka nandritry ny Kaongresy Nasionaly sy ny Filankevitra Nasionaly.

***Andininy 22*****:** Ny oniversite enina dia tsy maintsy manana fitsipika anaty mifandraika amin'ny fitsipika nasionaly.

***Andininy 23*****:** Ny olona tsirairay ao anaty firohotana dia tsy maintsy omena karatra mahampikatroka.

***Andininy 24***: Ny Fandrindrana Rezionaly no mandrindra sy mitantana ny asa rehetra ny sampan iray na maromaro eo ambany fiadidiany. Izy no miandrakitra ny fifandraisana amin'ny Fandrindrana Nasionaly, mampihatra ny fanapahan-kevitra ny Kaongresy Nasionaly sy ny Filankevitra Nasionaly. Miandraikitra ny fifandraisana amin'ny Vovonan'ny Tanora amin'ny Diosezy misy azy koa izy.

***Andininy 25:*** Ny Fandrindrana Rezionaly dia manolotra ny tatitra ara-môraly sy ara-bola amin'ny Filan-kevitra Nasionaly isan-taona.

### *Lohateny fahatelo : LOHARANOM-BOLA SY FITANTANANA*

***Andininy 26*****:** Toy izao ny loharanom-bolan'ny firohotana :

- Latsakembola ataon'ny mpikambana, amin'ny Fivorian'ny Filan-kevitra Nasionaly no hamerana azy.
- Ny vola azo amin'ny asa ataon'ny Firohotana.
- Fanomezana avy amin'ny Fianagonana sy ireo rafitra hafa tsy mifanohitra amin'ny fotokevitry ny Firohotana.

***Andininy 27*** : Tsy maintsy ny Sonia ny Aomonie sy ny Mpandrindra Nasionaly ary ny Tompon'andraikitra ny Fitantanam-bola no amoahana ny volan'ny firohotana, araka ny teti-bola izay efa nofaritan'ny Filankevitra Nasionaly.

***Andininy 28*** : Ny fampadehanana ny firohotana dia iantohan'ny volan'ny firohotana.

*Imm. CNPC porte 33 (derrière PTT Antanimena)*
*Lot IVG 199-BP667, Antananarivo101-MADAGASCAR*
***E-mail: miec_mad@yahoo.fr***

***Lohateny Faha-efatra: FEPETRA SAMIHAFA***

***Andininy 29*: Ny zavatra tapaky ny Filankevitra Nasionaly ihany no azo atao amin'ny anaran'ny firohotana.

***Andininy 30*: Raha misy ilana solotena any ivelan'ny fikambanana, dia ny Fandrindrana Nasionaly ihany no manendry azy. Atao antsoratra ny fanendrena. Ny firohotana dia tsy tompon'andraikitra amin'izay mety ataon'ny olona manendry tena.

***Andininy 31*: Tsy manao politika (miandany amin'antoko politika iray na maromaro) ny firohotana.Raha misy mpikatroka manao politika dia tsy miantoka izay ataony ny firohotana, fa amin'ny anarany samirery no anaovany izany.

***Andininy 32*: Ny Kaongresy Nasionaly ihany no afaka manova ny toerana misy ny foibe sy manova ny rafitra ijoroan'ny firohotana. Izany dia tsy azo atao raha tsy vory ny 4/5 n'ny Mpikambana nantsoina.

***Andininy 33*: -** Tsy voafetra ny faharetan'ny fikambanana.
- Raha rava ny fikambanana, ny ambim-bola sisa avy nadoavana trosa dia homena ny Fikambanana mitovitovy zava-kendrena amin'ny MIEK.

***Andininy 34***: Momba ny latsa-bato (fifidianana) :

- Ny fanovana ny fitsipika ankapoben'ny fikambanana dia tsy azo atao raha tsy vory ny 4/5 n'ny solontena nantsoina. Ny vato ilaina ho azo amin'izany dia farafahakeliny 3/4 n'ny solontena nantsoina tonga.
- Ny momba ny fifidianana hafa (latsakemboka, …) dia izay mahazo vato betsaka indrindra no mahery lanja (majorité relative).
- Mandritra ny fitaom-pivoriana ara-penitra (Session Statutaire), ny Mpizaika rehetra tonga miatrika dia afaka mandray anjara amin'ny fifidianana sy ady hevitra. Fa raha hifidy olona tompon'andraikitra kosa dia atao mitovy ny isan'ny mpifidy.

***Andininy 35*: Mbola azo fidiana ireo mpikambana 3ème Cycle raha manome toky fa hanatanteraka antsakany sy andavany ny zavatra takian'ny Firohotana aminy mandritra ny fepotoam-piasana.

*Natao teto Joffre ville Antsiranana anio faha 13 Septambra2012*
*Lanieran'ny kongresy Nasionaly faha-11*
*Miandry fankatoavana.*